# 7 NY ANJARA ASA : REM - RL - ZEM - ZL

## TANJONA

Manavaka ny REM sy ny RL ao anaty fehezanteny sy manavaka ny ZEM sy ny ZL

## VONTOATIM-PAHALALANA

- Ny Reny Enti-milaza (REM) dia ny EM hita ao amin'ny fehezan-kevitra alohan'ny mpampianki¬na fehezan-kevitra **fa** na **raha**. Ny REM ihany koa dia tsy maintsy mipetraka eny an-dohan'ny fehezanteny.
- Ny Reny Lazaina na RL dia ilay fehezan-kevitra mipetraka aorian'ny mpampiankina fehezan-kevitra **fa** na **raha**.
- Ny mpampiankina fehezan-kevitra **fa** na **raha** no mampifandray ny REM sy ny RL.
- Ny Zanaka Enti-milaza na ZEM dia ilay EM ao amin'ny fehezan-kevitra miankina izay aorian'ny mpampiankina **fa** na **raha** na ao amin'ny RL.
- Ny Zanaka Lazaina na ZL dia ilay L ao amin'ny fehezan-kevitra miankina izay aorian'ny mpam¬piankina **fa** na **raha** na ao amin'ny RL.
- Ireto teny na andian-teny ireto dia azo atao REM hafa ankoatry ny tsapa sy ekena fantatra, hita, marina, lazaina, inoana, tsy azo lavina, re, atao, azo antoka, …

**Sahanasa 1**

a) Ataoko anaty boribory ny mpampiankina fehezan-kevitra « fa » izay mampiditra fehezan-kevitra miankina :

F1 : Fantatro loatra fa mampalahelo azy tokoa io toe-javatra io.

F2 : Noheveriny mantsy fa vita moramora toy izany ilay izy.

b) Avahina ny fehezan-kevitra alohan'ny mpampiankina fehezan-kevitra « fa » ary tanisaina ny anjara asa hita tao :

F1 : Fantatro loatra ……………………………………………………………..

F2 : Noheveriny mantsy ………………………………………………………..

**Sahanasa 2**

Manome anjara asan'ny teny misy tsipika eo ambaniny ato amin'ny fehezanteny:

F1 : Mampatahotra tokoa fa mihanaka be izay tsy izy ny valanaretina.

F2 : Tsikaritra mihintsy fa tsy mitandrina ny ankamaroan'ny olona.

F3 : Tsara raha ny tsirairay no miaro ny tenany amin'ny aretina.